

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LOI n° 2001 - 002**

**Autorisant la ratification du Deuxième Amendement en date du  
20 décembre 2000 à l'Accord de crédit conclu le 10 juin 1999 entre la  
République de Madagascar et l'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE  
DEVELOPEMENT relatif au financement du DEUXIEME CREDIT  
D'AJUSTEMENT STRUCTUREL (CAS II)  
Crédit n° 3218 -2 - MAG.**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Dans le cadre de sa contribution à la mise en œuvre du programme de réforme économique du Gouvernement de Madagascar, et suite à la demande de ce dernier, la Banque Mondiale, par l'intermédiaire de l'IDA, est disposé à apporter son appui, face au déséquilibre de l'économie de Madagascar, dû à l'impact de la récente hausse du prix de pétrole, à travers un deuxième crédit supplémentaire au CAS II, d'un montant de 23,5 Millions de DTS, équivalent à 30 Millions de USD, soit environ 200 Milliards de FMG.

L'Amendement à l'Accord de Crédit y afférent a été conclu le 20 décembre 2000, portant ainsi le montant du crédit CAS - 2 dont l'Accord initial a été signé le 10 juin 1999, de 73,5 Millions à 112,2 Millions DTS.

**I. OBJECTIF**

Ce deuxième crédit supplémentaire au CAS - 2 vise à atténuer l'impact du choc du prix du pétrole, afin de ne pas compromettre les performances économiques de Madagascar et les progrès réalisés dans ses réformes.

Les fonds de contrepartie générés par ce crédit additionnel aideront le Gouvernement à financer une réduction des taxes sur les produits pétroliers, afin de pouvoir limiter l'augmentation des prix à la consommation de ces produits.

## **II. CONDITIONS FINANCIERES DU CREDIT ADDITIONNEL**

**Montant** : VINGT TROIS MILLIONS CINQ CENT MILLE (23.500.000) DTS

**Durée totale** : 40 ans dont 10 ans de différé

**Remboursement du principal** : par échéances semestrielles payables de 1<sup>er</sup> février et le 1<sup>er</sup> août de chaque année, à compter du 1<sup>er</sup> août 2011 ; la dernière échéance étant payable le 1<sup>er</sup> août 2040.

Chaque échéance, jusqu'à celle du 1<sup>er</sup> août 2020 comprise, est égale à un pour cent (1%) dudit principal et chaque échéance postérieure est égale à deux pour cent (2%) dudit principal.

**Commission d'engagement** : (due sur le principal du crédit non retiré)

Taux fixé par l'Association le 30 juin de chaque année, mais ne dépassant pas le taux de un demi de un pour cent (1/2 de 1%) par an, payable le 1<sup>er</sup> février et 1<sup>er</sup> août de chaque année. Elle court 60 jours après la date de signature du Deuxième Amendement.

### **Commission de services**

Taux annuel de trois quarts de un pour cent (3/4 de 1%), sur le principal du crédit retiré et non encore remboursé payable semestriellement le 1<sup>er</sup> février et le 1<sup>er</sup> août de chaque année.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution : « .....la ratification ou l'approbation de traités.....qui engagent les finances de l'Etat.....doit être autorisée par la loi ».

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LOI n° 2001 - 002**

**Autorisant la ratification du Deuxième Amendement en date  
du 20 décembre 2000 à l'Accord de crédit conclu le 10 juin 1999 entre la  
République de Madagascar et l'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE  
DEVELOPEMENT relatif au financement du DEUXIEME CREDIT  
D'AJUSTEMENT STRUCTUREL (CAS II)  
Crédit n° 3218 -2 - MAG**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 10 mai 2001,  
Le Sénat a adopté en sa séance du 23 mai 2001, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** : Est autorisée la ratification du Deuxième Amendement en date du 20 décembre 2000 à l'accord de Crédit conclu le 10 juin 1999 entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et l'ASSOCIATION INTERNATIONAL DE DEVELOPPEMENT relatif au financement du DEUXIEME CREDIT D'AJUSTEMENT STRUCTUREL (CAS II) - Crédit 3218 - 2 - MAG, d'un montant de CENT DOUZE MILLIONS DEUX CENT MILLE ( 112.200.000) Droits de Tirages Spéciaux (DTS), qui comprend un montant initial équivalent à SOIXANTE TREIZE MILLIONS CINQ CENT MILLE (73.500.000)DTS, un premier montant additionnel équivalent à QUINZE MILLIONS DEUX CENT MILLE (15.200.000)DTS, et deuxième montant additionnel équivalent à VINGT TROIS MILLIONS CINQ CENT MILLE (23.500.000) DTS.

**Article 2** : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 23 mai 2001.

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**

**LE PRESIDENT DU SENAT,**

**RAKOTOMANANA Honoré.**

**ANDRIANARISOA Ange C. F.**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ANTENIMIERAM-PIRENENA**

**LALANA LAHARANA FAHA 2001 - 002**

Anomezan-dalàna ny fankatoavana ny fanitsiana fifanarahana faharoa tamin'ny 20 desambra 2000 ny fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 10 jona 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'I Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny FAMATSIAM-BOLA FAHAROA HO AN'NY FANARENANA ARA-DRAFITRA (CAS II)-

**LAHARANA FAHA-3218 - 2 -MAG**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Mba ho fampiharana ny fanadaharan'asan'ny Governemanta ho an'ny fanarenana ara-toe-karena ary araka ny fangatahany, ny Banky Iraisam-pirenena, amin'ny alalan'i IDA, dia vonona hitondra ny fanampiana, eo anatrehan'ny tsy fifandanjanan'ny toe-karena eto Madagasikara, nohon'ny fiantraikan'ny fiakaran'ny vidin-tsoltany, amin'ny alàlan'ny famatsiam-bola faharoa ho an'ny fanarenana aradrafitra izay mitentina 23,5 Tapitrisa DTS, na 30 Tapitrisa Dolara Amerikana, izany hoe : 200 Lavitrisa Iraimbilanja eo ho eo.

Ny famatsiana ny fifanarahana fampisamboram-bola momba izany dia voasonia tamin'ny 20 desambra 2000 ka nampiakatra ny teti-bola CAS-2 tamin'ny fifanarahana voalohany nosoniavina tamin'ny 10 jona 1999 izay mitentina 73,5 tapitrisa DTS ho 112,2 tapitrisa DTS.

**I. TANJONA**

Ity fanampin'ny vola notrosaina tamin'ny CAS II ity dia entina hampihenana ny fiantraikan'ny fiakaran'ny vidin-tsoltany, mba tsy hampidina ny firoboroboana ara-toekarena eto Madagasikara sy ny fandrosoana aterak'izany.

**II. FEPETRA NY FAMPINDRAMAM-BOLA FANAMPINY**

**Mitentina** : DIMY HETSY SY TELO AMBY ROAPOLO TAPITRISA ( 23.500.000) DTS

**Faharetana** : 40 taona, ao anatin'izany ny 10 taona tsy andoavana.

**Famerenana ny renivola :** isaky ny enim-bolana, ka aloa isaky ny 1<sup>er</sup> febroary sy ny 1<sup>er</sup> aogositra isan-taona manomboka ny 1<sup>er</sup> aogositra 2011 ; ny famerenam-bola farany ny 1<sup>er</sup> aogositra 2040.

Ny vola averina, hatramin'ny 1<sup>er</sup> aogositra 2020, dia (1%) iray isan-jaton'ny renivola, ny vola averina aorian'izay dia (2%) roa isan-jaton'ny renivola.

**Tambin-panekena :** (aloa amin'ny renivola nalaina nefà tsy ampiasaina)

Ny ampahany noferan'ny fikambanana isaky ny 30 jona isan-taona, nefà tsy mihoatra ny antsasaky ny iray isan-jato (1%) (1/2-n'ny 1%) isan-taona, dia aloa ny faha-1 febroary sy 1 aogositra isan-taona.

Ny tambin-panekena dia manomboka ny 60 andro aorian'ny andro nanaovana sonia ny fanitsiana faharoa.

**Tambiny amin'ny fampiasam-bola :**

Ny telo ampahefan'ny iray isan-jato (3/4-n'ny 1%) isan-taona amin'ny renivola nalaina fa mbola tsy voaefa dia aloa isaky ny enim-bolana ny faha-1 febroary sy ny 1 aogositra isan-taona.

Araky ny voalazan'ny andininy faha-82 andalana faha-VIII amin'ny Lalàm-panorenana :

“.....ny fankatoavana ny fifanarahana.....dia tokony omen-dàlana amin'ny alalan'ny lalàna”.

Izany, no anton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

## **ANTENIMIERAM-PIRENENA**

### **LALANA LAHARANA FAHA 2001 - 002**

**Anomezan-dalàna ny fankatoavana ny fanitsiana fifanarahana faharoa tamin'ny 20 desambra 2000 ny fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 10 jona 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'I Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny FAMATSIAM-BOLA FAHAROA HO AN'NY FANARENANA ARA-DRAFITRA (CAS II)-LAHARANA FAHA-3218 - 2 -MAG**

Nolianian'ny Antenimiera tamin'ny fivoriana natao ny faha-10 mey 2001 , Nolianian'ny Antenimieran-doholona tamin'hy fivoriana natao ny faha-23 mey 2001, izao Lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany**: Omen-dalàna ny fankatoavana ny fanitsiana faharoa tamin'ny 20 desambra 2000 ny fifanarahana, fampisamboram-bola tamin'ny 10 jona 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'I Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny FAMATSIAM-BOLA FAHAROA (CAS II) LAHARANA faha-3218--2 MAG, izay mitentina ROA HETSY SY ROA AMBIN'NY FOLO AMBY ZATO TAPITRISA (112.200.000) DTS, izay mitsinjara toy izao : ny teti-bola voalohany dia mitentina DIMY HETSY SY TELO AMBY FITOPOLO TAPITRISA (73.5000.000) DTS, ny teti-bola fanampiny voalohany dia mitentina ROA HETSY SY DIMY AMBIN'NY FOLO TAPITRISA (15.200.000) DTS ary ny teti-bola fanampiny faharoa dia mitentina DIMY HETSY SY TELO AMBY ROAPOLO TAPITRISA ( 23.500.000) DTS.

**Andininy faharoa**: Avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ity Lalàna ity.

Holaniana izany fa Làlam-panjakana.

Antananarivo, faha 23 may 2001.